ANDRO ERAN-TANIN'NY VEHIVAVY

Antsiranana no handray ny fankalazana nasionalin'ny 8 martsa

Fankalazana ny andro eran-tanin'ny vehivavy amin'ny 8 martsa 2021, Antsiranana no handray ny fankalazana nasionaly ny hetsika amin'ity taona ity. "Vehivavy mizakatena sy miarin-doha anaty totolo iainana mirindra, ho amin'ny fampandrosoana lovain-jafy", io no loha-hevitra hoentina hankalazana ny hetsika amin'ity taona ity. Samy hankalaza izany avokoa ny faritra sy ny distrika eto amin'ny Nosy, fa any amin'ny renivohitry ny faritra Diana, no fankalazana ofisialy sy nasionaly. Ho ambohimpihaonan' ireo Andriambavilanitra manerana ny Nosy ny any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy, ny 8 martsa ho avy izao io. Raha ny tamin'ny taona 2020, 150 teo ny fikambanana nandray anjara tamin'ny filaharana sy fankalazana 08 martsa teto amintsika, notombanana nahitana mpikambana teo amin'ny 7000, tao anatin'ireo dia misy ny ara-dalàna, misy koa ny tsy ara-dalàna, izany hoe misy ny mbola tsy manana statut, na sata, fa nandray anjara tamin'ny fankalazana sy filaharana fotsiny.

Eto Antsiranana, no ho ambohimpihaonan'ireo vehivavy manerana an'i Madagasikara, ny 8 martsa ho avy izao.

Niaina

Habibiana nataona dahalo

Olona miisa 9 iray trano nodorany velona tany Benonoky Betroka

Nampihorin-koditra ny trangana tsy fandriampahalemana niseho ny alahady lasa teo tany atsimon'i Madagasikara, tany amin'ny faritra Anôsy iny. Tranga tsy fandriampahalemana niseho afak'omaly tao Benonoky, fokontany Vohimary, kaominina Mahasoa Est, any amin'ny distrikan'i Betroka. Olona miisa 9 no maty, ka 3 vavy ary 6 lehilahy, izay iray trano, nodoran'ny dahalo velona izy ireo, sy ny entana rehetra ary ireo omby 3, sy ondry 20 may tao an-trano ihany koa, ny omby 2 kosa no lasan'ireo dahalo.

Ireo rehetra nahare izao vaovao izao dia samy nilaza avokoa, aiza ireny mpitandro filaminana marobe teny Analakely ireny ? Raha ireny no nalefa any amin'ny tany lavitra Andriana any hoy izy ireo, tsy nisy ny habibiana ataon'ny dahalo toy izao!

Stefa

Habibiana nataona dahalo tany Betroka.

Fjkm Ambohipotsy

Notokanana ny Toeram-pitsaboana Akany Rasalama

Notokanana araka ny fombam-piangonana ny alahady 21 Febroary lasa teo, ny Toeram-pitsaboana Akany Rasalama an'ny fiangonana FJKM Tranovato Rasalama Martiora Ambohipotsy. Tamin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra tao anaty fidirana indroa no nanatanterahana izany. Tao anaty efa-bolana no nanaovana sy nanomanana ny zavatra rehetra ilaina amin'ny ankapobeny an'izany toeram-pitsaboana izany. Ahitana efitra valo toy ny efitra fizahana, fiandrasana, fitsaboana, fiterahana, fitehirizana ary fanaraha-maso. Fitsaboana roa no atao ao aminy, dia ny fitsaboana fototra sy ny fisorohana. Misy mpitsabo sy mpitsabo mpanampy ary mpampivelona miaramiasa amin'ny fitsaboana ary manampy azy ireo, ny mpiasa hafa toy ny mpiandraikitra ny fanadiovana sy ny mpiambina. Ankoatra ireo mpiaramiasa ireo, dia misy ihany koa ny fikambanana Association Akany Rasalama, ny Birao sy ny filankevi-pitantanana. Miara-miasa amin'ny fiangonana ihany koa ny Toeram-pitsaboana, satria nipoitra avy ao amin'ny fiangonana izao sahanasa ara-tsosialy izao.

Tsy ho an'ny kristiana mpianakavin'ny finoana ao amin'ny Fiangonana ihany no misitraka amin' izao fisian'ny Toeram-pitsaboana eny Ambohipotsy izao, fa ny mponina rehetra eo anivom-piarahamonina koa.

Tsiahivina, fa manana Akany izao voatsangana ary notokanana tamin'ny desambra lasa teo ny FJKM Tranovato Rasalama Martiora Ambohipotsy. Misy efitra maro ao anatiny ka anisany izao Toeram-pitsaboana izao izay manana efitra maro ihany koa.

Ny toeram-pitsaboana Akany Rasalama, eny amin'ny FJKM Tranovato Rasalama Ambohipotsy.

Radafy

Fanambana Vohemara

Dahalo matin'ny fitsaram-bahoaka

Dahalo iray no matin'ny fitsaram-bahoaka tany amin'ny kaominina Fanambana, any amin'ny distrikan'i Vohemara, faritra Sava. Matin'ny fitsaram-bahoaka ilay dahalo noho ny hatezeran'ny mponina tamin'ny famonoana ho faty nataony ny tompon-trano iray ny alakamisy lasa teo iny, tany amin'ity kaominina Fanambana ity. Nampita ny vaovao ny ben'ny tanàna lefitra any an-toerana: Daody Ally. Faritra be omby any amin'ny faritra Sava iny Fanambana, mahatonga izao fisian'ny asan-dahalo any an-toerana izao. Tratran'ny fokonolona teo am-panaovana ny asa ratsiny ity dahalo ity, ka tonga dia nampiharan'izy ireo ny fitsaram-bahoaka avy hatrany.

Niaina

Baolina kitra Ligue 1 any Frantsa

Lavon'i Monaco 2-0 tao an-jaridainany ny Psg

NY ekipan'ny AS Monaco, nandavo indroa ny PSG.

Teo amin'ny andro faha-26 amin'ny 38 eo amin'ny fifaninanana baolina kitra Ligue 1 any Frantsa, lavon'ny ekipan'i Monaco an-jaridainany, tao amin'ny Parc des Princes, 2-0 , ny ekipan'ny Psg, izay nandahatra an'ireo mpilalao niatrika ny Barcelone Fc tamin'ny fifaninanana 1/8-dalan'ny « Champion's League » farany teo tany Camp Nou « nouveau stade » any Espagne. Mijanona eo amin'ny laharana faha-3 misy azy, manana isa 54 eo amin'ity fifaninanana Frantsay ity izany ny Psg, raha eo amin'ny laharana faha-4 manana isa 52 kosa ny ekipan'i Monaco. Marihana fa faharesena indroa miantoana no azon'ny Psg nanoloana an'i Monaco (3-2;0-2), ity nihàtra tamin'ity taom-pilalaovana 2020/2021 ity. Nahazo karatra mavo ilay kalaza K. Mbappé tamin'ity lalao ity.

Rainilita

Orange Pro League Malagasy

Mbola mitarika ny As Adema sy ny Five FC

Tontosa tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny andro faha-7, amin'ny fifaninanana baolinaa kitra : Pro League Malagasy ao amin'ny « Conférence Sud », izay notontosaina tetsy amin'ny kianja Elgeco Plus By Pass, sy tany amin'ny kianja Stade Moderne Ampasambazaha tamin'ny sabotsy 20 sy alahady 21 febroary 2021. Voka-dalao Andro faha-7 : mbola mitarika an'isa, araka izany, ao amin'ity « Conférence Sud » ity, taorianan'io andro faha-7 amin'ny fifaninanana tao aminy io ny AS Adema. Mbola ny ekipan'ny Five Fc kosa aloha hatreto no mitarika ao amin'ny vondrona « Conférence Nord » taorian'ny andro faha-5 efa vita ao amin'izy ireo. Hitohy amin'ny faran'ny herinandro ho avy izao ity fifaninana Pro League Malagasy 2020-2021 ity.

Rainilita

NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00